


DEREK PRINCE
MINISTRIES INTERNATIONAL

Fivoriana fampaherezam-panahy

Ny Toeran’ny Fahamatorana

Natsangana ho zanak’Andriamanitra aho.



Manambara ny Tenin'Andriamanitra
Dries Du Plessis Dries and Valerie Du Plessis

Tsy fikasan'Andriamanitra ny hijanonantsika mandrakizay ho toy ny zaza. Manana drafitra ho antsika Andriamanitra mba hihalehibe ho zanaka lahy matotra. Fa eto indray no iankinantsika amin’ny Fanahy Masina. Raha tsy misy ny Fanahy Masina, dia tsy afaka mihalehibe, isika tsy afaka ny ho matotra. Hoy i Paoly ao amin’ny Romana 8:14:

> "Fa izay tarihin’ny Fanahin’Andriamanitra no zanak’Andriamanitra."

Ny teny hoe “zanaka lahy”, ao amin’io andininy io, dia tsy mitovy amin’ny teny hoe “zaza” ao amin’ny andalan-teny hafa. Midika izany hoe zanaka lahy matotra — tompon’andraikitra, mifehy ny fiainany, mahay mitondra tena, ary manana fahefana.

Ahoana no hahatongavantsika amin'izany toerana fahamatorana izany? Hoy i Paoly, “Izay rehetra tarihin’ny Fanahin’Andriamanitra no zanak’Andriamanitra.” Izany no asa fanompoan’ny Fanahy faharoa lehibe eo amin’ny fiainantsika amin’ny maha-mpikambana ao amin’ny fianakavian’Andriamanitra antsika: ho matotra isika. Fa dingana iray ihany no ahatongavan’izany: ny fitarihan'ny Fanahin'Andriamanitra. Tsy misy fomba hafa hahatratrarana ny fahamatorana. Ary ny "tarihina" dia hetsika mitohy. Tarihin’ny Fanahin’Andriamanitra —tsy tapaka isika isan’andro, isan’ora — amin’ny toe-javatra rehetra. Izany no hany fomba ahafahantsika miaina amin’ny maha-zanak’Andriamanitra matotra antsika.

Ny zava-doza ao amin'ny fiangonana amin'izao fotoana izao dia olona tsy tambo isaina izay nateraka indray tamin'ny Fanahin'Andriamanitra no tsy nianatra ny hotarihin'ny Fanahin'Andriamanitra. Vokatr'izany, dia tsy mahatratra ny fahamatorana velively izy ireo. Mbola zaza ara-panahy foana izy ireo, amin’ny lafiny sasany. Izany vokatra izany dia tsy noho ny tsy fisian'ny famatsiana ho an'ny fahamatorana, fa noho ny tsy fahafantaran'izy ireo ny fomba hampiasana izany famatsiana izany. Ilay famatsiana dia ny hoe hotarihin’ny Fanahy Masina.

Misaotra Anao, Tompo, fa nifidy ahy tamim-pitiavana lanao. Manambara aho fa handroso ho amin'ny fahamatorana

© 2008 - Dries Du Plessis

amin'ny alalan'ny fitarihan'ny Fanahin'Andriamanitra.
Natsangana ho zanak'Andriamanitra aho. Amena.

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-216-MLG
Nohavaozina farany: 02 Nov 2026
Tranokala: Derekprince.com/mg/resources

